
Gazety
# FANANTENANA



FIANGONANA LOTERANA MALAGASY
Fitandremana Toby Fanantenana 67 ha
http://www.flm67ha.org

*Gazety ara-pilazantsara miseho isan-droa-volana*
*Laharana: 04* *Volana Jolay / Aogositra 2008* *Vidiny: 500 Ar*

## TENIN-DRAIAMANDRENY


Niarahantsika nisaotra an'Andriamanitra ny fankalazana ny Pentekosta.
Nampitombo ny aim-pinoantsika sy nandalina ny fahalalan-tsika ireo fianarana Soratra Masina momba ny Fanahy Masina nandritra ny herinandro masina. Nampifaly ny fanahintsika koa ny andro Pentekosta, indrindra ny Alatsinain'ny Pentekosta izay nandraisana mpikambana tompon' andraikitra vaovao ato amin'ny fiangonana, tamin'ny Konfirmasiona sy ny Batisa (Katekomena). Tokantrano enina no natao mariazy miara-mizotra tamin'io andro io! Isaorana ny Tompo ny fahasoavany! Ankehitriny isika dia mandia ny tapa-taona faharoa amin'ny taom-piangonana, dia ny Alahady manaraka ny Alahadin'ny Trinité izany. Ny tapa-taona voalohany dia nijeren'ny Fiangonana indrindra ny amin'ny asa lehibe nataon'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao, ka ankalazana ireo fetim-piangonana telo lehibe: Krismasy, Paska, Pentekosta. Ny kendrena indrindra mandritra izany tapa-taona voalohany izany dia ny fampivoarana ny asam-pahasoavan' Andriamanitra sy iantsoana ny olona handray izany asam-pamonjena izany. Fampianaram-pinoana no imasoana na ny Dogmatika. Ny tapa-taona faharoa indray dia ibanjinana ny fiainan'ny Fiangonana, dia ny fanarahany ny Tompo izay miantso azy ho vavolombelony eto amin'izao tontolo izao. Ny Etika, arak'izany, no imasoana indrindra.
Misy alahady 26 ny Alahady manaraka ny Trinité amin'ity taona ity. Mba tsy hahavalalanina ny olona amin'izany fotoana lava be izany dia nozarain'ny Fiangonana tranainy ho antoko efatra, samy manana ny foto-kevitra banjininy avy, ireo alahady 26 ireo. Ny foto-kevitra lehibe iombonan'ireo fizana efatra ireo dia ny amin'ny "fiainan'ny mino ao amin'ny fanjakam-pahasoavana". Ny antsipiriany amin' izany dia velabelarina ao amin'ny FAMPIANARAM-PINOANA ao amin'ny pejy manaraka.
Ny irin'ny Gazety Fanantenana dia ny hanarahanao sy hitomboanao amin'ny antson'ny Tompo arak'izay iainan'ny Fiangonana azy amin'ny Taom-piangonana.




*Raha vao mitsidika ny volana Jona dia miomana ny ankamaroan'ny kristiana hamonjy Toby.* *Pejy 3*

## TONTOLO IAINANA

Toko telo tsy afa-misaraka raha hiresaka momba ny tontolo iainana: ny ala, ny rano ary ny fiovan'ny toetr'andro. Mifampiankina sy mifameno izy ireo.
Efa hitantsika tamin'ireo gazety laharana roa teo aloha ny momba ny ala sy ny rano. Ho famaranana izany dia hojerentsika sy hohadihadiantsika ny momba ny fiovan'ny toetr'andro
*Pejy 3*



**FANDRAISANA NY MPITONDRA FILEOVANA FAHAMARINANA 67 Ha**



*Pastora Dr Peri RASOLONDRAIBE mivady*
*Pejy 5*

## Ho hitanao ato

Fampianarana Soratra Masina ..............2
Toriteny ..................................................2
Isan-taonan'ny Toby .............................3
Tontolo iainantsika ................................3
Komity-F7-F13-FBL...............................4
SA-DFM-DFK-DFS-MTF........................5
Fileovana Fahamarinana ......................5
Epistily ho an'ny Romana ......................6
Filôzôfia Malagasy ................................7
Foibe FLM-FMBM .................................7
Fahasalamana .......................................8
Sakafo ....................................................8
Kilalao ....................................................8
Tononkalo ...............................................8

*"Mifalia amin'ny Fanantenana"*

## FAMPIANARAM-PINOANA :
# ALAHADY MANARAKA NY TRINITE

**1.** Ainga: Misy alahady 26 amin'ity taona ity, izay ao anatin'ny atao hoe: **"Alahady manaraka ny Trinite"**. Mba tsy hahavalalanina ny olona amin'ny fanaraha izany fotoana lava izany dia nozarain'ny Fiangonana tranainy ho antoko efatra, samy manana ny foto-kevitry banjininy avy, ireo alahady ireo. Koa ny mino sy ny mpitoriteny, na amin'ny fotoam-pivavahana iraisana, na any amin'ny sampana sy Toby samihafa, dia tokony hanaraka ireo foto-kevitra banjinina ireo mba hisian'ny fiaraha-mitombo amin'ny finoana sy ny fiainana maha-kristiana. Ny fahazotoan'ny mpitory mametraka ny toriteniny sy ny fampianarany anatin'ny rafitr'ireo fizarana efatra ireo, mandritra ireo alahadin'ny Trinite, dia manampy ny mino amin'ny fahaizana mandray ny fampianarana ny amin'ny Etika kristiana ka mba tsy hisian'ny fiverimberenana be anaty routine.

**2.** Mizara efatra toy izao ireo alahady manaraka ny Trinite, araka ny fampiasan'ny Fiangonana Loterana azy:

**2.1.** Fizarana Voalohany: **"Ny antson'ny Fanjakam-pahasoavana"** ( Alahady 1 - 5)
Ny banjinin'ny Perikopa amin'ireo alahady dimy ireo dia ny fampianarana ny mino hahay hihaino ny antson'ny fanjakam-pahasoavana, ao anivon'ny antso samihafa misy eto amin'izao fiainana izao, ka hanaraka izany antsom-pahasoavana izany. Ohatra amin'ny alahady voalohany, ny antso dia ny ho manankarena ny amin'Andriamanitra. Ny Etika dinihina amin'izany, dia momba ny fihariana sy fananana harena, ny fampiasana izany ho fampiorenana ny satan'ny fanjakam-pahasoavana eto amin'izao fiainana izao, ary ny fijoroana tsy ho resin'ny fieremana sy ny fanahiana. Manaraka izany dia ao ny antso hanaraka ny Tompo ka hanaovana Azy ho laharam-pitiavana eo anatrehan'ny adidy hafa eto amin'izao tontolo izao (Alahady faha-2), ny antso hiaina amin'ny famindram-po sy famelan-keloka ka hitady ny very sy hamerina azy ao amin'ny fanjakam-pahasoavana (Alahady faha-3), ny antso hiaina amin'ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra ka tsy hitsara ny hafa na hamaly ny ratsy atao, fa hamaha kosa ny famatoran'ny faharatsiana (Alahady faha-4), ary ny antso ho "mpanarato olona", hitaona ny maro hiditra sy hanaraka ny fanjakam-pahasoavana (Alahady faha-5).



**2.2.** Fizarana faharoa : **"Fiainam-baovao amim-pahamarinana marik' izay ao amin'ny Fanjakam-pahasoavana"** (Alahady 6 – 11).
-Ny Perikopa amin'ireto alahady enina ireto kosa dia mampivoitra ny fiaimpiainan'izay ao amin'ny fanjakam-pahasoavana. Ny zanak'Andriamanitra izay ao amin'ny fanjakam-pahasoavana dia:
- miaina amin'ny fahamarinana mihoatra noho ny an'ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna, nefa "tsy andevozin'ny Lalàna" fa miorina amin'ny "finoana miasa amin'ny fitiavana" kosa. (Alahady faha-6)
- matoky ny fiahian'Andriamanitra ny fiainany sy ny asa fivelomany, ka mizara ny fitahiana voarainy amin'ny hafa. (Alahady faha-7)
- mivelona amin'ny finoana sy ny fampianarana mahitsy (miditra amin'ny vavahady ety) ka mahita ny fiainana mandrakizay. (Alahady faha-8)
- mahatoky amin'ny fihariana sy fatandremana ny fananana amin'izao fiainana izao, ka mampiasa izany hampiorenana ny satan'ny Fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. (Alahady faha-9)
- mandeha amin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana eo anatrehan'ny Tompo, ka tsy mihemotra fa mamoa voatsara amin'ny faharetana. (Alahady faha-10)
- miaina sy manompo amin'ny fanetren-tena sy ny fivavahana marina. (Alahady faha-11)


**2.3.** Fizarana fahatelo: **"Finoana sy fiainana kristiana miseho amin'ny asam-pitiavana sy fanompoana"** (Alahady 12 – 18).*(Mbola hitohy)*

**2.4.** Fizarana fahefatra: **"Ny fahatanterahan'ny Fanjakam-pahasoavana"** (Alahady 19 – 26) *(Mbola hitohy)*

*Pastora Dr Peri Rasolondraibe*

## TORITENY: Lioka 1:28

**LOHATENY: Ny famangiana mahagaga nataon'Andriamanitra**
**FOTO-KEVITRA: Izao tontolo izao noharianу no tsinjoviny, ka nanaovany fanavotana tao amin'ny Jesosy zanany. Tonga Izy ho anao, manao famangiana mahagaga.**



*« Ary dia feno ny Fanahy Masina Zakaria rainy ka naminany hoe: Isaorana anie ny Tompo Andriamanitry ny Israely, fa mitsinjo ny olony Izy ka nanao fanavotana ho azy.» Lioka 1 :28*

Ny teny fikasana nataon'Andriamanitra hamonjy ny mpanota ka nambarany tamin'i Adama sy Eva *(Gen 3 :15)*, no nanomanany olona handray izany dia Abrahama sy ny taranany. Noho ny finoana tao amin'ny Abrahama hatramin'ny nitenenan'i Jehovah taminy, ka nanekeny Azy ; dia tonga fitahiana sy famonjena ho an'ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany izy. Amin'Andriamanitra ny famangiany an'i Abrahama rain'ny maro mba ho rain'ny mino tamin'ny nitenenany taminy. Amin'ny Jehovah Ray, ny Teny izay nolazainy no namboleny finoana hahatonga fankatoavana vaovao.

Nomena azy ny fitahiana sy ny fahalehibiazana fa hahatonga anao ho firenena Aho hoy Jehovah. Tsy tapaka ny famangian'Andriamanitra noho ny famindrampony satria velona ny Teniny ; nentiny namelomany hatrany, ny fiantsoana sy ny fifidianana. Nanao fianianana tamin'i Abrahama Izy ka nanao famangiana mahagaga hatrany tamin'ny taranany : Isaka, Jakoba, ny firenena Israely 12, ny Fiangonany.

Tao amin'i Jiosy, dia naidiny tonga olona ny zanany lahitokana, araka ny tenin'ny Tompo hoe: *« tsy ho diso zanaka lahitokana hipetrka eo amin'ny seza fiandrianany mandrakizay Davida mpanjaka ary ny fanjakany tsy hanam-pahataperana mandrakizay. »* Mbola nifamahofaho tao amin'ny fiainan'ny taranak'Abrahama nifandimby anefa ny lalàna mba hihariharihan'ny maha-teny fikasana, ny fanavotanana amin'ny fotoany.

Tao amin'i Jesosy no nefain'Andriamanitra ny famonjena izao tontolo izao. Tonga Jesosy manao famangiana mahagaga, nitondra Teny fiainana ho ahy sy ho anao ka mahatonga ny andinin-kirantsika ao amin'ny fihirana FFPM 300 manao hoe: *«Ny tany izay vangianao ry Jeso masoandronay, tsy maintsy lasanao Jeso, mba hanjakanao avokoa »* Eto amin'ny perikopa rehefa nampahitana ny hevitr'Andriamanitra sy ny asany ao amin'ny zanany sy ny olona, dia resy lahatra. Resy lahatra Zakaria mpisorona vadin'i Elisabeth, ny amin'ny famangiana mahagaga nataon'Andriamanitra, maneho fanavotana manokana ho azy (olony) sy izao tontolo izao ka hoy izy tamin'ny fahafenoan'ny Fanahy : *« Isaorana anie ny Tompo Andriamanitry ny Isarely fa nitsinjo ny olony Izy ka nanao fanavotana ho azy. » Lioka 1 :68*

Ny famangian'Andriamanitra izao tontolo izao amin'ny alalan'i Jesosy zanany, tonga nofo ny Teny, dia tsy misaraka amin'ny fiantsoany sy fifidianany. Mazava tsara ny asa misionan'ny fiangonana ; mino sy manaiky an'i Jesosy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy, hahatonga ny firenena rehetra ho mpianatry ny Tompo *(Mat 28 :18-20)*.

An-taonany maro no niorenan'ny Fiangonana Kristiana mitory ny Filazantsara teto amin'ny firenentsika; tsy mitsahatra mamangy ny olona ny Fiangonana, ny firenena Andriamanitra ao amin'i Jesosy. Aiza moa izay andriamanitra maty, afaka hamangy ny olony satria tsy manana fahasoavana, famindrampo, fiainana fahamarinana, fitiavana, fanahy antra, onena sns.

Tsy ho fahasoavana, famindrampo, fiainana, fitiavana, fanahy mahery na oviana na oviana ny LALÀNA, hanorenana ny fivavahana samihafa eto an-tany. Raha lalana no hamangiana ny olona, dia fitsarana sy fahafatesana, fa raha Jesosy kosa no mamangy anao satria Andriamanitra velona, dia voalaza fa nirahina hamonjy izao tontolo izao Izy *(Jaona 3 :17)*. Rehefa niorina teto amintsika ny Fiangonana Kristiana hiasan'ny Fanahy Masina sy ny Filazantsara dia maneho ny tsy fanadinoany ny firenentsika Andriamanitra : mamangy.

Tonon-taona samihafa hisin'ny fotoam-pifohazana any amin'ny Toby samihafa izao volana maromaro manoloana antsika izao dia ireo Tobilehibe 4 sns.. Fiainampiangonana marina, mahazo famangiana izany ; famangiana mahagaga nataon'ny Tompo tamin'ireo Raiamandren'ny Toby. Fanomezam-pahasoavana hampitaran' Andriamanitra ny ambaindain'ny fanjakany, hanekena hatrany ny maha Lohan'ny Fiangonana an'i Jesosy Kristy. Ny asan'ny Tompo Jesosy no asan'ny Fiangonana. Tahaka ny namangian'ny Tompo an'i Zakaria no namangian'ireo Raiamandrenin'ny Toby teto amintsika. Samy manana ny fanomezam-pahasoavana avy izy ireo, ary nahita ny lanjan'ny famangian'ny Fanahy sy Jesosy velona teo aminy ny taniny araka ny *Lioka 1:6-8* sy ny fihirana faha-3001. Koa na aiza na aiza alehanao na inona na inona no hataonao amin'ny maha zanak'Andriamanitra anao dia tsarovy fa efa namangy anao ny Tompo. Ireto no nentiny ho anao tamin'izany famangiana mahagaga izany: fahasoavana, famindram-po, fiainana, fitiavana, famelan-keloka, fahamarinana, fiantrana.

Anjaranao ny mivavaka mangataka azy Tomponao: *"Vangio amin'ny famonjenao aho. Hahitako ny soa azon'ny voafidinao, hifaliako amin'ny fifalian'ny firenenao hiravoravoako amin'ny lovanao." Salamo 106:4-5.*

Voninahitra anie ho an'Andriamanitra Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena

*Pastora Andrianantoandro Léon Fidèle*

## ISAN-TAONAN'NY TOBY

*«Mifohaza hianao izay matory ary mitsangana amin'ny maty dia hampazava anao Kristy.» Efes 5:14*

Raha miresaka ny famonjena Toby isika dia ao an-tsaina avy hatrany ny asam-pifohazana. Fa inona marina moa no atao hoe «Fifohazana ?». Araka ny *Efesiana 5:14* dia fiàlan'ny kristiana amin'ny asan'ny maizina ho amin'ny mazava, ary tsy inona izany fa ny fiàlan'ny amin'ny tori-maso-panahy ka miaina amin'ny fiainam-pibebahana, izay tena fiainan'ny kristiana velona. Araka ny fanazavana momba ny Batisa ao amin'ny foto-pianarana kely dia famonoana isan'andro ny Adama ela, fandrosoana ho amin'ny fiainam-baovao.

Ny Fifohazana ihany koa dia fihetsiketsehana lehibe izay mampihetsika vahoaka maro, izay mahatonga ny olona maro hitady famonjena noho ny asa maherin'Andriamanitra miseho amin'ny alàlan'ny olona manokana izay hanehoan'i Jesosy nyasany manokana, ary avy amin'izany asa lehibe izany no isian'ny Tobi-pifohazana.

Asa maherin'Andriamanitra no mampifiha ny olona amin'ny alàlan'ny asany Fanahy Masina, ary izany asa maherin'Andriamanitra izany dia miseho indrindra amin'ny fiainan'olona, asa fanafahana izany asan' Andriamanitra izany dia ny fanafahana ny olona amin'ny herin'ny ratsy, fanasitranana ary asa maneho ireo famantarana ny fahagagana samihafa. Tsy asan'olombelona izany fa asan'Andriamanitra, fa misy ny olona nomena fahefana hanao ny asa.*(Mar 16:17-18 ; Jao 14:12).*

Tanterahan'i Jesosy tokoa ny toky nomeny amin'ny alàlan'ny olom-boafidy fa ny asan'i Jesosy dia hita mivantana amin'ny fanafahana ny herin'ny ratsy amin'ny fiainan'ny olona, ka ambara sy asehon'izany asa izany fa tanteraka ankehitriny ary efa tonga nyandrom-pamonjena izay nampilazain'i Isaia Mpaminany. *(Isaia 35:5-6)*

Koa ny Fifohazana araka izany dia ny kristiana vita Batisa sy Konfirmasiona rehetra, kristiana velona amin'ny finoana an'i Jesosy ireo no entanina hamonjy ny fivoriam-pifohazana ary ireo no zanaky ny Fifohazana. Ao anatin'izany fivoriam-pifohazana izany no anehoana ny Toriteny izay manindry ny fibebehana sy ny fiainam-baovao, ny fampianarana Soratra Masina, ary ny fandroahana nyfanahy ratsy, asa fanasitranana. Marihina etoana anefa fa asan'ny Fiangonana avokoa ireo retera ireo ary ny Fifohazana dia tsy misaraka amin'ny Fiangonana. Koa amin'izao fotoana izao dia efa manoboka ireo isan-taom-pifofahazana any amin'ny Toby samihafa. Nataon'Andriamanitra fitaovana ireny mba hisian'ny fiaraha-mivavaka sy fampaherezana ho antsika rehetra. Koa tsarovy fa asan'Andriamanitra isika, voafora tao amin'ny Kristy Jesosy mba hano asa tsara *(Efes 2:10)*, ary mahereza fa homba anao ny Tompo amin'ny famonjena ireny Toby ireny.



Sary tahiry

**Ireo daty ny isan-taonan'ny Tobilehibe:**

- Ankaramalaza : 27 Jolay - 02 Aogositra
- Farihimena : 21 Aogositra - 26 Aogositra
- Soatanàna : 12 Septambra - 17 Septambra

## NY TONTOLO IAINANTSIKA

### FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO : OLANA IRAISAM-PIRENENA

Ankehitriny dia misedra olana lehibe izao tontolo izao, izay mahakasika ny toetr'andro. Nohon'ny fitombon'ny entona antsoina hoe « Effet de serre » eny amin'ny habakabaka dia mihamafana ny tany.



Ny « effet de serre » dia anisan'ny mitana ny hafanana mety sy antonony ho an'ny aina rehetra eto ambonin'ny tany. Miendrika ho toy ny fitaratra eny amin'ny habakabaka eny izy, mitana ny « rayon infra rouge » entin'ny tara-masoandro. Izany « infra rouge » izany dia manamaizina ilay « effet de serre » toy ny fitaratra ka mitana ny hafanana entin'ny masoandro ho akaikin'ny tany raha tokony hiverina ho any ankoatran'ny habakabaka izany. Ny 55% n' ny entona «effet de serre» dia natoraly avy amin'ny enton'ny rano na «vapeur d'eau» ; ny ambiny kosa izay tsy natoraly dia avy amin'ny indostria, fampiasana saribao, vata fampangatsiahana, fanimbana sy fandoroana ny ala… Ny fihombon'io entona tsy natoraly io eny amin'ny habakabaka no manafaingana ny fahamaizinan'ny «effet de serre» ka manakana ny taramasoandro tsy hiverina any ankoatra, ary manafana mihoatra ny tokony ho izy ny tany.

Ny fahafanan'ny tany be loatra anefa dia miteraka olana ara-pahasalamana sy ara-toe-karena iraisam-pirenena.

Ara-pahasalamana, satria mitombo ireo mararin'ny homamiadan'ny hoditra vokatry ny masoandro; maro ireo zaza vao teraka, tratrin'ny fahasamponana

Ara-toe-karena satria, maina ny tany, vitsy ny vokatra ary mihena ny fifanakalozana ara-barotra; maro ireo firenena sahirana noho izany, indrindra ireo aty amin'ny tany andalam-pandrosoana toa an'I Madagasikara. Marihana fa ny "effet de serre" dia tsy afaka vetivety rehefa tonga eny amin'ny habakabaka ka na dia tsy mamoaka entona maloto intsony aza isika olombelona ireo efa eny ambony eny dia mbola manankery an-jato taona maro.

Amin'izao fotoana izao ary ireo firenena mandroso toa an'I Etazonia dia mikaroka fomba amin'ny alalan'ny teknolojia avo lenta mba hampihenana ny famoahan'ny olona eto an-tany ny entona miteraka "effet de serre" manimba ny tontolo iainana. Miara-miaiky ihany koa ny firenena rehetra fa tsara raha ahena ny fampiasana ireo fitaovana ary fomba mety hanimba ny tontolo iainana, ary tsara dia tsara raha arovana ny ala satria io no anisan'ny fitaovana mahomby indrindra nefa natoraly entina manadio ny rivotra iainana. Tsara any mampahafantatra anao fa ny orana dia mampahazava ny "effet de serre" eny amin'ny habakabaka.

Tsara ny fivoarana ara-teknolojia, ilaina ny fanatontoloana. Amin'izany dia mieritreritra ny olona fa hanova ny fiainany ho soa. Nefa arakaraky ny ikarohany ny hatsarana be loatra no amotehany ny tontolo iainany. Satria : " Ny fiavonavonana mialoha ny fahasimbana, ary ny fanahy mirehareha mialoha ny fahalovana" *(ohabolana 16:18)*

## KOMITY - FIOFANANA

*Nitokana teny amin'ny ILOFAV Ambohibao ny Komitin'ny Fiangonana ny 24 Mey lasa teo. Niofana manokana momba ny Endrim-pitarihana samihafa (Styles de Leadership)izy ireo ny maraina ary nanao atrikasa momba ny Planina Dimy Taona kosa ny hariva.*

**Fitarihana mahomby**

Ny Mpitondra Fitandremana Past. Dr Péri Rasolondraibe, no nampiofana momba ny endrim-pitarihana samihafa. Heverin'ny mpanatrika fa nilaina tokoa ny fiofanana satria Filohan-tsampana sy Filohan'ny Faritra ary Mpitondra Departemanta avokoa ny mpikambana ao amin'ny Komity. Maro tokoa hoy izy ireo ny olana atrehan'ny mpitarika ireny Sampana sy Faritra ary Departemanta ireny. Ary tsy mandeha ny raharaha rehefa ao amin'ny fomba fitarihana no misy lesoka. Raha fintinina dia samy manana ny mahatsara sy mahalesoka azy ny fomba fitarihana fa anjaran'ny mpitarika no misafidy ny karazam-pitarihana ampiasainy arakaraky ny zavatra atrehana sy ny olona tarihina.

**Atrikasa Planina 5 taona**

Nanao tatitra momba ny toe-draharaha momba ny P5T (Planina Dimy Taona) ny Komitin'ny Planina tarihin'Atoa Limby Maharavo. Ara-tarehi-marika dia efa natomboka ny 70%'ny soritr'asa. Nampametra-panontaniana anefa ny tena zava-bita sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiainam-piangonana. Izany nahatonga ny fanaovana ny atrik'asa manodidina ny P5T ny tolakandron'ny 24 Mey ihany.Marihina fa efa ao anatin'ny taona faharoa ny Planina dimy taonan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao. Amin'ny ankapobeny dia samy efa miezaka manatontosa ny soritr'asany na ny sampana, na ny faritra ary ny departemanta isan-tokony. Ao ireo tetik'asa efa natomboka ary mizotra tsara ao kosa anefa ireo izay mbola mitavozavoza noho ny antony samihafa.Ao koa ireo tsy mbola natomboka satria mbola miandry ny hoenti-manana. Anisan'ny antony hita fa tsy mampandeha ny soritr'asa, ohatra, ny tsy fisian'ny famindrana asa teo amin'ny tompon'andraikitra teo aloha sy ny vaovao. Manampy izany ny tsy fisian'ny fifandraisan'ny sampana isan-tokony tamin'ny Komitin'ny P5T (Planina Dimy Taona) ary koa ny tsy fahavitan'ny boky P5T. Misy noho izany ireo toe-javatra izay tokony hatsaraina mba hahatanteraka ny planina antsakany sy andavany. Anisan'izany ny famitana haingana ny tahirin-kevitra mirakitra ny soritr'asa rehetra. Eo koa anefa ny tsy maintsy hisian'ny fandrindrana ireo soritr'asa izay mitovy sehatra sy kinendry, toy ny Tafika Masina sns, ka nentanina ny tompon'andraikitry ny Sampana sy ny Faritra mba hiara-miasa amin'ny Departemanta samihafa mba hisian'ny fandrindrana maty paika.

## F 7 - Fisaorana

Ny Faritra fahafito sy ireo fianakaviana ao aminy izay niharam-boina vokatry ny haintrano dia maneho etoana fisaorana sy fankasitrahana feno anareo havana, namana sy tapaka ary ny fianakaviana manontolo noho ny fitiavana nasehonareo taminy ka nahafoizanareo vola aman-karena ho fanampiana sy fankaherezana ireo fianakaviana ireo. Nahatratra 111 400 Ariary ny vola voavory.
Andriamanitry ny fiadanana anie hamaly fitia anareo tsirairay.

## F 13 - Fanokanana antoko mpihira

Ny Tenin'Andriamanitra no manainga sy mandidy ny olona hidera Azy eo amin'ny Fiangonana sy eo amin'ny fivorian'ny olony Masina. Nofidian'ny Antoko Mpihira Faritra faha-13 araka izany, ho Teny Fanevany ny hoe : *«Hidera an'i Jehovah aho, raha mbola miaina koa, eny, hankalaza an'Andriamanitra aho raha mbola velona koa» (Salamo 146: 2)* .
Notokanana teto amin'ny Fiangonana FLM Toby Fanantenana 67Ha mba ho isan'ny antoko mpihira eto amin'ny Fiangonana izy ireo ny Alahady 25 Mai 2008 lasa teo.



**Voatendry hiasa** : Araka ny fanazavan'ny Pastora Mpitondra Fileovana dia voatendry eo amin'ny Fiangonana ny fisiany mba hidera sy hankalaza ny Tompo noho ny famonjeny sy ny famindram-pony mandrakizay. Eo indrindra koa ny fanabeazana ny tanora ao amin'ny Faritra mba hitombo amin'ny finoan'ny Fiangonana Loterana Toby Fanantenana 67Ha sy ny asany.
Miara-mientana amin'ny Faritra amin'ny fanatanterahana ny asa fanabeazana sy fitoriana rehetra.
**Ny niantombohany** : Ny Alahady 28 Janoary 2007, tamin'ny fifampiarahabana noho ny tonon-taona no nanirian'ny mpikambana hanangana antoko mpihira raha nahita ireo tanora maro be tonga nanatrika ny fivoriana. Ny Alahady 17 Jona 2007 no nandray anjara voalohany tamin'ny fanompoam-pivavahana teto amin'ny FLM 67Ha ny MF-13, ary tsy tapaka nanatanteraka ny anjara fanompoany teo anivon'ny Fiangonana nanomboka teo. Isaky ny Sabotsy tolak'andro ny famerenan-kira.

**Ny fomba fiasan'ny MF-13** : Efa manana Birao mpandrindra sy Fitsipika Anaty mifehy azy ny MF-13, ary Atoa RABARIMANANA landrinandrasana no filoha. Tsara ny manamarika fa ny 95% n'ireo hiran'ny MF-13 dia nosoratan'Atoa RABARIMANANA Toubisson Bel avokoa ary manampy izany koa ny hira nosoratan-dRamatoa RAKOTOARIMIZA Lala izay Filohan'ny Faritra faha-13, toy ny Hira Faneva.

## FBL - AMTD

**Asa Misiona an-Tanan-Dehibe**

Ny Fikambanam-behivavy "Mijoro", eto amin'ny FLM Toby Fanantenana 67 ha, no nanankinan'ny Komity ny fikarakarana ny AMTD. Fianakaviana sahirana 360 no iandraiketany ary ankizy madinika 70 no ampianariny mba ho afaka miditra amin'ny EPP amin'ny fotoam-pianarana manaraka. Nisy afaka CEPE sy 6 éme ny mpianatra tamin'io. Noho ny fiaraha-miasa amin'ny fiangonana sy fikambanana avy any USA dia afaka handray mpianatra 100 isika amin'ny fidirana ho avy.
Tamin'ity taona ity dia isaorana an'Andriamanitra ny nahavitana ireto hetsika manaraka ireto:



*Arahaba ririnina! Zaza 68 no natao hasoavana.*
*Isaorana ny TPLA noho ny fiara-miasa mahafinaritra!*



*Nizarana akanjo mafana sy kiraro tennis vaovao ny mpianatra rehetra!*



*Tratry ny Asaramanitra! Nisy fizarana bodofotsy, vary sy laoka, gateaux sy harendrina ho an'ny fianakaviana sahirana miisa 360!*

Isaorana Andriamanitra noho ny fahasoavana ka ahozoana mizara fitiavana ho an'ny hafa! Isaorana ireo mpiandraikitra sy mpiara-miasa ao amin'ny AMTD!

## SEKOLY ALAHADY

*Fankalazana ny andron'ny SALOMA*

Nankalaza ny andron'ny SALOMA ny sekoly Alahady teto amin'ny Fitandremana Toby Fanantenana 67 ha ny Alahady 18 mai 2008 lasa teo. Ho fanamarihana izany dia nisy ny filaharam-be niainga tao amin'ny logt 238-67 ha atsimo, namakivaky ny tananan'Ankasina ary niafara teto am-piangonana izay notarihin'ny Ray aman-dreny Past. RAHARIMANANA Eugène sy ny Katekista Rtoa Yolande .

Ny Past. Dr. Péri RASOLONDRAIBE no nitarika ny fotoana sy nitondra ny Tenin'Andriamanitra ny alahady maraina ary ny solontenan'ny Sekoly Alahady kosa no namaky teny. Ny tolakandro indray dia antsampanahy izay natao teny FLM Ambohimasina Itaosy ka nandraisan'ny Sekoly Alahady eto amin'ny Toby Fanantenana 67 ha anjara.

Ny Asabotsy 10 mai, izany hoe ny Asabotsy talohan'ny Pentekosta dia nisy fitsangatsanganana lehibe niarahan'ny mpianatra Sekoly Alahady tamin'ny Ray aman-dreny teny Ambohimangakely ho fanamafisana ny fifankatiavana eo amin'ny samy Sekoly Alahady sy amin'ny Ray aman-dreny ary ho fanatsarana ihany koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny Ray aman-dreny.

## DFM - Rantsana Fonja

Misaotra an'Andriamanitra lehibe fa tontosa soa aman-tsara ny fivoriam-bavaka fanao isam-bolana nataon'ny DFM : rantsana fonja. Izany moa dia natao tao amin'ny EPP 67 Ha atsimo efitrano faha- 12 ny 19 Martsa 2008 lasa teo, nanomboka tamin'ny 4ora sy sasany ka hatramin'ny 6ora hariva. Nitarika ny fotoana Rtoa RAMANGAVOLOLONA Denise (Katekista). Nitondra ny Tenin'Andriamanitra kosa ny Past RAHARIMANANA Eugène.

Maro ireo mpiandry tonga nanatrika ny fotoana.

Vontoatin'ny fivoriana dia ny fampihofanana ireo mpiandry vaovao, miisa 20, hirotsaka hanatevin-daharana hanao ny asa fitoriana filazantsara eny amin'ny fonja.

Nisy loha-hevitra 3 no nohazavaina tamin' izany.

Inona no toe-panahy tokony hananan'ny mpiandry rehefa manao ny asa eny amin'ny fonja ?

-Ramatoakely R. Tsitakatra Jackeline mpiandry no nanazava izany.Nomarihiny fa mitaky fitondran-tena feno fahamaotinana ary amin'ny mpiandry izany na amin'ny lafiny fitafiana na fitenenana, na fihetsika. Izay rehetra nolazaina dia mba iarovana amin'ny fakampanahy samihafa. Ilaina koa ny fahendrena amin'ny lafiny fitenenana satria olona reraka very fanantenana mila ampaherezina amin'ny tenin'Andriamanitra ireo. Mitaky fiombonampo sy fahafoizana ( fotoana, vola, fitaovana ) koa ny asa eny amin'ny Fonja.

Azo lazaina izany fa asa tena mila vavaka sy firaisana tanteraka amin'Andriamanitra. Asa mila fitiavana sy fandavan-tena.

-Andriamatoa RAVONJIARISON Martin (Filoha lefitra ) no nanazava ny fizotry ny fotoam-pivavahana atao eny.

Tsy atao lava loatra hoy izy satria voafetra ny ora ahazoana mijanona ao anatin'ny fonja, koa ny zava-dehibe dia fanambarana ny Tenin'Andriamanitra ary ny asa sy fampaherezana ireo voafonja. Izany rehetra izany dia nofaranana tamin'ny fitsinjarana asa isan-kerinandro toy ny isan'ny olona handeha isaky ny fonja izay notarihan'ny RAMANGAVOLOLONA Denise (Katekista).

Koa ny olona mandeha ao anatin'ny volana Aprily dia efa voasoratra avokoa .Marihina fa olona dimy ihany isaky ny fonja.

Tamin'izay koa no nizarana ny karatra ho an'ireo mpiandry vaovao ary dia manainga ireo mpiandry mbola tsy nahazo ny karany mba haka izany any amin'ny tompon' andraikitra.

Tsarovy fa nofidian'i Jesosy ianao hanao izany asa izany, mba hamangy sy hampahery ireo voafonja. Mba ho tanteraka ny tenin'i Jesosy hoe : *" Tao antrano maizina Aho dia novangianareo".*

## DFK - Konfirmanda

Andro lehibe ny Alatsinainy Pentekosta 12 mey 2008 lasa teo teto amin'ny FLM Toby Fananantenana 67 Ha satria niisa 27 ireo natao batisa, 27 ny katekomena, 173 ny konfirmanda ary 6 ireo vita mariazy miara-mizotra. Ampahatsiahivina ary ireo nahazo fahasoavana mba handray ny andraikitra eo anivon'ny Fiangonana amin'ny alalan'ny firotsahana ao anaty Sampana na Departemanta.

## DFS
## Radio Teny Fiainana (RTF) FM 91.2

Ho fanampiana sy hanafaingana ny fampandehanana ny onjampeo ny SPAnta, dia nanapa-kevitra ny Komity mpitantana ny Radio Teny Fiainana fahatsangana ny « Sakaizan'ny RTF » eo anivon'ny Fitandremana 13 eto Antananarivo aty ampiandohana. Ny Sakaiza dia toy ny Fikambanana na Sampana hajoro mba : Hitondra am-bavaka ny radio, na olona izany na fitaovana, hanohana ara-bola sy arapitaovana, hanolo-kevitra ary hanampy amin'ny hetsika rehetra.

Teto amin'ny FLM 67ha manokana dia ny Departemanta ny Firaketana sy Serasera (DFS) no niandrikitra ny hetsika voalohany tamin'ny fanatontosana ny vokatra natao tamin'ny 08 jona lasa teo, izay nahazoana vola 621 300 Ariary.

Eo anatrehan'izany, ny RTF/ DFS dia maneho fisaorana feno ireo kristiana rehetra nandray anjara tamin'izany sy ireo nanolo-tena ho sakaizan'ny RTF.

Ity ny nomerao kaonty: RTF/SPAnta
BNI-CA 01.127.763.6.020.0.00 Analakely.




## FILEOVANA FAHAMARINANA 67ha

*Fandraisana mpitondra Fileovana vaovao*



Notanterahina tamin'ny 12 May 2008 teto amin'ny FLM Toby Fanantenana 67 Ha ny fandraisana ny mpitondra Fileovana vaovao dia ny Past Dr Péri RASOLONDRAIBE. Izy indray izany no hitondra ny Fileovana Fahamarinana 67 Ha mandritra ny 4 taona.

Ny Past RANDRIANARIVELO Joseph izay filohan'ny synoda (SPAnta) no nitarika ny fotoana sy nitondra ny Tenin'Andriamanitra ary nanatanteraka ihany koa ny fanolorana ny mpitondra Fileovana vaovao.

Mitombo indray araka izany ny andraikitra sahanin'i Past Dr. Péri RASOLONDRAIBE, satria ankoatry ny maha mpitondra ny Fitandremana Toby Fanantenana 67 Ha azy dia izao izy voafidy ho mpitondra ny Fileovana Fahamarinana 67 Ha izao indray.

Mirary soa ho anao ny mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Gazety Fanantenana.

***Isan-telovolana faha-3***

Ho tanterahina eto amin'ny FLM Toby Fanantenana 67 Ha ny 12 - 13 Jolay 2008 ho avy izao ny isan-telovolan'ny faha-3 ny Fileovana Fahamarinana 67 Ha amin'ity taona ity.

Ny Asabotsy 12 Jolay 2008 maraina dia hisy fotoam-pivavahana sy fampianarana. Ny tolakandro indray dia fotoam-pivavahana sy antsam-panahy izay ifarimbonan'ireo antoko mpihira ato anatin'ny Fileovana.

Ny Alahady 13 Jolay 2008 kosa indray dia fotoam-pivavahana izay hisy fandraisana ny Fanasan'ny Tompo.

Koa manasa anareo mpamaky ny Gazety Fanantenana hanatrika izany fotoan-dehibe izany izay hiarahana amin'ny fitandremana 3 dia ny FLM Toby Fananantenana 67ha sy ny FLM Ambohimasina Itaosy ary ny FLM Arivonimamo.

## ANTOKO MPIHIRA MAINTIMOLALY

*Fankalazana ny faha-dimy taona*

Misaotra an'Andriamanitra noho ny fahavitan'ny fanokafana ny fankalazana ny faha-5 taona izay nanokanana ny fanamiana vaovao. Ho tohin'izany, dia tanteraka omaly Asabotsy ny antsam-piderana lehibe nandraisan'ireto antoko mpihira ireto anjara: Hosana Ambohijatovo Fitiavana, Antsa an'i Kristy, Ny Trompetra Fanantenana ary ny Maintimolaly.

## VOIN-KAVA-MAHATRATRA

Ny Fiangonana dia manolotra fisaorana ho an'ny kristiana manontolo tamin'ny fifanomezan-tànana ho an'ireo havana tra-boina tratry ny hai-trano ny volana mey lasa teo. Nahatratra 480 300 Ar ny fanomezana avy aminareo.

## Ny Epistily nosoratan'i Paoly ho an'ny Romana *(Fizarana 3 sady farany)*

### *HO VELONA NY MARINA AMIN'NY FINOANA ( Rom 5 :8) SY FAMPIHARANA IZANY EO AMIN'NY FIAINAN'NY MINO ( Rom 5 :9-16)*

Efa nojerentsika ny tapany faharoa amin'ity Epistily ity, dia ny hoe: *«ny marina amin'ny finoana»*; fa amin'ity tapany farany ity isika dia handinika ny amin'ny hoe *«ho velona»*.

Raha jerena ny *Rom 5:1 «koa amin'izany satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika dia aoka hanana fihavanana amin'Andriamanitra»*. Izany no voalaza ao amin'ny Baiboly Malagasy, fa raha ny tena dikan-teny fototra (Grika) dia tsy hoe: «aoka hanana» fa «manana» no tena azo andikana azy, satria ny olona efa nohamarinina dia tsy entanina hanana fihavanana amin'Andriamanitra intsony fa efa manana fihavananan izy. Tonga havan' Andriamanitra, zanaka natsangana, ary hita fa hafa lavitra ny fiainantsika taloha raha mitaha amin'ny fiainana ankehitriny dia ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy. Tamin'ny taloha dia ambanin'ny fahatezeran' Andriamanitra fa amin'izao kosa dia mahazo manatona ny fahasoavan' Andriamanitra sy mandray ny fiadanany *(Rom 5:11)*. Teo aloha isika dia tsy nanana anjara tamin'ny voninahitr'Andriamanitra fa ankehitriny dia mahazo mifaly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra *(Rom 5:2)*.
Tadidio tsara fa ao amin'izay anapahan'ny fahatezeran'Andriamanitra dia ao ny fahafatesana fa ao amin'izany ny fahamarinan'Andriamanitra kosa dia fiainana. Koa mino an'i Kristy dia efa tafafindra niala avy tao amin'ny fahafatesana izy, ho ao amin'ny fiainana. Koa noho izany ny mino izay efa nohamarinina dia velona ka:
- afaka amin'ny fahatezeran'Andriamanitra izy *(Rom 5)*
- afaka amin'ny fahotana satria efa nohamarinina *(Rom 6)*
- afaka amin'ny lalàna, tsy ambanin'ny lalàna intsony *(Rom 7)*
- afaka amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana *(Rom 8)*



Ary izany fanamarinana izany dia tsy mifanohitra amin'ny teny fikasan'Andriamanitra *(Rom 9-11)*. Koa ireo izay miaina amin'ny fahamarinana amin'ny finoana no azo lazaina fa mitoetra ao amin'ny Kristy *(Rom 12-15:13)*

Ny afaka amin'ny fahatezerana *(toko 5)*: Araka izany dia ireo izay nohamarinina ka manana fihavanana amin'Andriamanitra dia afaka amin'ny fahatezerana. Tsy tezitra aminy intsony fa lasa havany isika *(Rom 5:1-4)* ary izany fihavanana izany dia miankina amin'ny fitiavan' Andriamanitra *(Rom 5:5-8)*, ka ny vokany eo amin'ny fiainan'ny mino dia ny fahazoantsika ny fiainana mandrakizay, na amin'ny fiainana ankehitriny na amin'ny fiainana ho avy *(Rom 5:9-11)*.

Maneho fampitahana ny asan'i Kristy izay mitondra fiainana sy ny asan'i Adama mitondra fahafatesana i Paoly ao aminy *(Rom 5:12-21)*. Asehony amin'izany fa ny asan'i Adama dia miantraika amin'ny fiainan'ny olona manontolo, dia ny fahafatesana izany ; kanefa mihoatra lavitra noho izany ny asan'i Kristy izay mitondra fiainana.

Ny afaka amin'ny fahotana *(toko 6:1-23)*: Ny mino an'i Kristy dia efa tonga ho amin'ny fiainam-baovao ka velona ao amin'i Kristy, rehefa nampiraisana tamin'i Kristy tamin'ny Batisa isika dia afaka amin'ny fanapahan'ny fahotana *(Rom 6:1-14)* ary tonga olom-baovao

Koa rehefa afaka amin'ny fahotana dia tsy mpanompon'ny fahotana intsony fa mpanompon'ny fahamarinana *(Rom 6:15-23)*. Miara-maty tamin'i Kristy isika mba tsy hanompoantsika ny ota intsony *(Rom 6:6)*. Ny fahafatesana dia nanjaka tamin'ny olombelona tamin'ny alalan'ny fahotana tao amin'i Adama, fa ny fiainana kosa izay fanomezan'Andriamanitra dia nomena antsika tamin'ny alalan'i Kristy.

Ny afaka amin'ny lalàna *(toko 7)*: Teo aloha ny olombelona dia teo ambanin'ny lalàna, ary ny lalàna no hery mifehy azy tanteraka ka nitarika azy ho ambanin'ny fanozonana. Maty anefa Kristy koa voaova izany toe-javatra izany, ary Kristy dia niara-maty tamin'ny kristiana, ka ny vokatr'izany fahafatesana izany dia fahafahana amin'ny lalàna *(Rom 7:4)*

Ny fahafahan'ny kristiana amin'ny lalàna dia fahafahana ara-poto-kevitra. Kristy no fahamarinantsika, kanefa izany fahamarinana izany dia tsy azontsika noho ny fanolorana hery hitandremantsika ny didy rehetra mba ahatonga antsika ho marina amin'ny asan'ny lalàna. Ny fahamarinanana ao amin'ny Kristy no fahamarinana feno.

Ny afaka amin'ny fahafatesana *(toko 8:1-39)*: Araka ny *Gen 2:17* ny vokatry ny fandikana ny didin'Andriamanitra dia fahafatesana, koa noho izany dia nahazo anjara amin'ny Adama ny olombelona rehetra dia ny fahafatesana satria ny fahafatesana no tambin'ny ota. Fa tanteraka amin'ny olona koa ny fahafatesana. Ankehitriny anefa efa noresen'i Kristy ny fahafatesana. Izy no nitondra ny setrin'ny fandikana dia ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra , izay mahavokatra ho amin'ny fiainana. Ka noho izany dia izay ao amin'i Kristy dia ny marina amin'ny finoana no ho velona. Ireo izay andevozin'ny fahafatesana teo aloha dia nafahan'i Kristy ho afaka amin'izany mpanjaka mahatsiravina izany, ka voatarika ho amin'ny fiainana *(Heb 2:15)*.

Ny fahamarinana avy amin'ny finoana dia tsy manohitra ny teny fikasan' Andriamanitra *(toko 9-11)*: Asehon'i Paoly amin'ity fizarana farany ity fa tsy mifanohitra ny teny fikasan'Andriamanitra sy ny fahamarinana. Avy amin'ny finoana satria Andriamanitra Tsitoha tenany no nanome ny teny fikasana, ary ny zanaky ny teny fikasana dia tsy hafa fa izay mino an'i Kristy *(Rom 9:6-29)*. Araka ny hita ao amin'ny Soratra Masina dia Andriamanitra no nanome ny teny fikasana ho an'ny zanak'Israely, ary tsy mety mivadika amin'izany na oviana na oviana Andriamanitra ; fa ny jiosy no nivadika. Ankehitriny kosa hoy i Paoly dia tanteraka amin'ny alalan'i Kristy izany teny fikasana izany. Koa ny Israely ara-panahy dia izay mino ireo no nomen'Andriamanitra ny teny fikasana fa tsy ny Israely ara-nofo izany hoe ao amin'ny Testamenta vaovao dia izany mino an'I Jesosy no lazaina ho zanaky ny Teny fikasana.

Ny toe-piainan'ny marina amin'ny finoana *(toko 12-15:13)* : Ny toe-piainan'ny kristiana dia toe-piainan'ny olom-baovao ao amin'i Kristy izay efa nohamarinina tamin'ny finoana. Efa tonga ratsam-batan'i Kristy ny mino, ka ao amin'ny fitiavana. Ny herin'ny Filazantsara dia manova ny toe-piainana sy ny fiaim-piainan'ny olona manontolo, ary tsy avy amintsika izany herin'ny Filazantsara izany fa avy amin'Andriamanitra, ary izany hery izany no manavao sy manova antsika ho araka ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Ny Filazantsara dia fampianarana ka sady modely no hery hanovana sy hanatsarana ny toe-pianana kristiana.

Ny toetran'ny kristiana dia ao amin'i Kristy ka tonga voatombokasen'izany firaisana amin'ny Mpamonjy izany. Koa raha misy olona ao amin'ny Kristy dia olom-baovao izy *(2 Kor 5:7)*. Voamarik'izany firaisana izany ny fiainana manontolo na ny fombany na ny ataony.Ny olona ao amin'i Kristy dia momba ny tenan'i Kristy ; fa raha misaraka aminy isika dia tsinontsinona fa izay miray amin'ny Kristy dia miaina amin'ny fitiavana ary ny fitiavana no fanatanterahana ny lalàna *(Rom 13:8-10)*. Ny fandehanana ao amin'i Kristy sy amin'ny fitiavana no foto-javatra lehibe ampianarin'i Paoly amin'ny etikany.

*Pastora Raharimanana Eugène*


## GAZETY FANANTENANA

**Talen'ny Gazety :** Past Dr Péri Rasolondraibe
**Tonian'ny Gazety :** Atoa Ramanankatsoina Lucas
**Mpanao gazety :** Tsiry - Laingo - Mamy - Rinah - Léa- Harimalala- Haja- Vololona-Felana - Oelifara - Samy - Lynda - Denise - Lalaoarisoa - R. Georges
**Kirakira Sary :** Christophe
**Maquette :** Christophe, Vohanson

**FLM Toby Fanantenana 67 ha**
E-mail : tobyfanantenana@flm67ha.org
Site Web: www.flm67ha.org
Tél: 261 20 22 324 45
B.P: 72 Antananarivo 101

## Filozofia Malagasy

*« Ny tsiny, ny tody, ny eritreritra »*

**3. Ny eritreritra:**
Raha niresaka momba ny «Tsiny» sy ny «Tody» isika teo aloha dia nahatsapa tsara fa ny olona tsirairay (araka ny finoan'ny Malagasy) dia samy valian'ny fitondran-tenany daholo ; na tsara atao na ratsy, na niniana na tsy niniana, na fantatra na tsy fantatra. Voamarika koa nandritra izany fa misy amireny ny azo sorohina mialoha (ny Tsiny); misy koa ny tsy azo hidifiana na oviana (ny Tody). Ity karazany fahatelo ity anio ity, « Eritreritra », dia hafa indrindra amin'izy rehetra satria mazàna dia miankina amin'ny lanjan'ny erireritry ny tsirairay eo amin'ny fiainany no lanjan'ny valin'ny fitondran-tenany koa.
Fa inona tokoa moa ity « Eritreritra » ity. AmbarandRAHAJARIZAFY ao anatin'ny Filozofia Malagasy nosoratany fa « ny manam-panahy no manana ny eritreritra, rehefa manam-panahy dia tsy afaka amin'ny eritreritra…». Izany hoe ny olona tsirairay avy izany dia samy manana eritreritra avokoa. Io no mahatonga azy handinika izay rehetra kasainy hatao sy tanterahina (na tsara izany na ratsy). Maro no velom-panontaniana hoe « ireny olona heverina ho adala ireny koa àry ve izany dia manana eritreritra? ». Araka ny fahitan'ny mpandinika dia tena mieritreritra dia mieritreritra tokoa izy ireny fa ny fiavahan'ny vokatr'io eritreriny io izay heverin'ny fiarahamonina ho mivaona tanteraka no nanavahana azy ary hiavahany rahateo ka ilazana azy ireny hoe « adala ».
Tsara anefa ny mampahafantatra fa mazàna dia vokatry ny fieritreretana be loatra no mahatonga ny ankamaroan'izy ireny ho toy izany. Moa ve tsy efa renao fa rehefa diso mieritreritra zavatra tokana na maro be loatra ianao dia ahiahian'izay akaiky anao hoe « ho lasa adala amin'izany eo ! », satria efa hita taratra amin'ny fiainanao ivelany izany fibahanan'ny eritreritra be loatra izay.
Mifanohitra amin'izay indray ireo olona izay heverin'ny maro ho « tsy misy eritreritra », izay toa ampitahaina ankolaka amin'ny biby noho ny asany heverina ho tsy voadinika lalina ary tsy voavinavina mialoha koa ny vokany, indrindra fa tsy tokony hatao mihitsy. Tsy mijanona hatreo anefa fa tazan'ny fiarahamonina ho tsy miraika akory ilay olona amin'ny voka-dratsy ateraky ny nataony amin'ny hafa fa vao mainka aza miroso hanao misimisy kokoa noho ny teo aloha, ka moa mbola heverina ho olombelona « mieritreritra » koa va ireny !?.
Eo indrindra no mila fitandremana lalina satria voalaza fa io « Eritreritra » io no « mpitsara matanjaka » indrindra amin'ny tsirairay vao ilay mpitsara eo amin'ny fiarahamonina. Ka na dia hamoizany ny ainy aza, « rehefa milamina ny eritreritra dia izay ! ». Fa raha manaiky ilay tsy eken'ny eritreriny izy dia tsy hilamin-tsaina satria enjehiny mandrakariva. Izany no nahatonga ny Ntaolo nanambara fa « aleo enjehin'ny omby masiaka toy izay enjehin'ny eritreritra ». Ka moa va tsy ahatsiarovantsika ny niafaran'i Jodasy ilay namadika an'i Jesosy izany vokatry ny fanenjehan'ny eritreritra izany. Na izany aza anefa dia tsy azo ambara velively fa mahavaly ny fitondrantena ny « eritreritra » satria tsy azo adinoina fa hain'ny olona koa ny mampilamina ny eritreriny amin'ny alalan'ny fanangonana izao karazampanazavana samihafa izao, ka heveriny ho mety hatrany izay ataony rehetra, avy eo dia manao ny tenany ho andriamaniny izy sy ho andriamanitry ny hafa koa ka tsy manaiky ahitsy intsony.

## FOIBE FLM

*KMSL faha – 119*

*"Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo.......mba handeha sy hamoa" Jao 15:16*

Notanterahina tao amin'ny renivohitry ny Synodam-Paritrany Horombe (S.P.H.) tao Ihosy ny Fivorian'ny Komity Mpiandraikitra ny Synoda Lehibe (KMSL) faha–119 ny faha 16–24 Mey 2008 lasa teo no sady nanokanana azy ho Synoda, izay KMSL farany mialoha ny Komity Synoda Lehibe (K.S.L.) faha-20 hatao any Morondava ny fiandohan'ny volana Septambra 2008 ho avy izao.
Toy ny fanao isan-taona, ho an'ny KMSL volana Mey dia mandinika indrindra ny tatitra ara-bola ny fivoriana, tatitra avy amin'ny Birao Foibe F.L.M, ny Synodam-Paritany, ary ireo Sampana samihafa. Na manana izany fomba fiasa izany aza ny KMSL dia nisy fiovana kely tamin'ity araka ny voalaza teo fa mialoha ny KSL iny fivoriana tany Ihosy iny. Izay nijerena akaiky ny Litorjia sy ny Lalàm-panorenan'ny F.L.M. Marihina anefa fa tolo-kevitra avokoa izay rehetra natao fa ny tena manapa-kevitra farany amin'izay mety ho fanovàna na fanavaozana azy ireo dia ny Komity Synoda Lehibe (K.S.L.) ihany. Ankoatry ny tatitra ara-bola sy fandinihana ireo Litorjia sy Lalàm-panorenana dia nisy fandinihan-draharaha samihafa, mikasika indrindra ny fiainan'ny F.L.M. Teo ihany koa ny fisaorana sy fanaovam-beloma ireo Misionera Norveziana sy Amerikana mpiaramiasa amin'ny F.L.M. hody any an-tanindrazany. Ary tsy hadinoina koa fa nanokana andro iray ireo mambra KMSL ireo nambolena hazo ho fanatsarana ny tontolo iainana satria ao anatin'ny Asa Fitoriana ihany koa ny fiarovana sy fikojakojana ny tontolo iainana.
Tao aorian'izay moa dia mbola namonjy ny fivorian'ny Komitin'ny Protestanta faha – 79 tao Antsirabe ny Mambra KMSL sasany izay notarihin'ny Filohan'ny F.L.M., izay sady Filoha amperin'asan'ny F.F.P.M. rahateo. Fivoriana natao ny 26 – 30 May 2008.

**Fodiamandrin'ny Tonia Nasionalin'ny FSFLM**
Nodimandry tany Ambanja ny faha 12 Jona 2008 teo ampamitana iraka tany amin'ny Synodam-Paritany Antsiranana (S.P.A) ny Tonia Nasionalin'ny FSFLM Pastora RAKOTOARISAONA Rolland na « Ankoala Mitandro », izay Pastora Tonia voalohany voafidin'ny KMSL hiandraikitra izany asa lehibe izany.Ankoatr'ireo Ray amandreny marobe ato amin'ny F.L.M., ny Skoto FLM, Fiombonan'ny Skotisma eto Madagasikara dia maro ireo namana sy mpiara-miasa, niara-niombom-po tamin'ny fianakaviana nandritra ny fotoana nitondrana sy nandevenana ny razana, hatrany Ambanja, ka hatraty Antananarivo, ary tao amin'ny F.L.M. Ambohimena Antsirabe no nanaovana veloma farany azy.
Ny mambra ny Gazety Fanantenana dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakaviana manontolo.

## FMBM : FAHA 180 TAONA NY FILAZANTSARA NY LIOKA

*Ny Bokin'I Lioka no Boky vita pirinty tamin'ny teny Malagasy voalohany. Tsy avela handalo foana izany fotoana izany fa ametrahana fahatsiarovana, ka ny ankizy amin'ity indray mitoraka ity no omena laka raha ny olon-dehibe no nanamarika izany tamin'ny alalan'ny famakiana mitohy tamin'ny dimy taona lasa.*

Mikarakara fifaninana ho an'ny ankizy malagasy 12 ka hatramin'ny 18 taona amin'ity taona 2008 ity ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy amin'izao faha 180 taona nahavitana printy ny Filazantsara ny LIOKA izao. Ampirisihana hamaky sy hizara ny Tenin'Andriamanitra voasoratra ao amin'ny Filazantsaran'ny Lioka ireo mpifaninana amin'izany fa ny hahatonga ny ankizy ho tia sy ho zatra mamaky Baiboly no tanjona. Izy ireo no taninketsa ary ho avy ny Fiangonana ka kolokoloina dieny izao. Telo ny ankizy ao amin'ny tarika iray. Voasoratra ho mpifaninana ireo ankizy mividy ilay Boky, ka ao amin'ny Foibe Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy ao Antaninarenina ihany no hividianana izany eto Antananarivo. Efa misy toerana voatondro hisoratana anarana any amin'ny Faritra rehetra, Mifarana amin'ity volana Jona ity izany.



In-telo miantoana ny fifaninana, ka ny voalohany dia fifanintsanana hatao eran'ny faritra 22 eto Madagasikara mandritra ny volana Jolay. Mandeha isan-kerinandro ny fanontaniana dingana voalohany , izany hoe in-efatra miantoana. Ny dingana faharoa dia ny mpandresy avy amin'ny faritra 22 no mafaninana. Hatao eto Antananarivo ny famaranana amin'ny Novambra 2008, ka mpifaninana avy amin'ny faritra 10 no sisa hanao izany,amin'ny dingana farany.Haparitaka amin'ny alalan'ny haino aman-jery ny fanontaniana. Maro ny loka hozaraina fa ny voalohany hahazo tapakila mankatsy amin'ny Nosy Môrisy mandroso sy miverina ho an'ny ankizy ao amin'ny tarika.
Ny fanantenantsika dia mba ho Mpianatra Sekoly Alahady avy eto amin'ny Fileovana Fahamarinana 67 Ha hahazo izany loka izany.



## MIHINANA FINARITRA : *Lasopy legioma sy rambon'omby*

**Zavatra ilaina :**

Rambon'omby voatetika ....................1kg
Tongolo be ............................................2
Tongolo gasy ..........................................1
Poireaux.................................................2
Selery lehibe ..........................................1
Karoty.....................................................4
Navets ...................................................3
Voatavo didiny .......................................2
Jirofo .....................................................1
Crème fraîche, sira sy dipoavatra.



**Fomba fikarakarana azy :**

Andrahoina amin'ny rano mandritra ny 2ora sy sasany ny rambon'omby sy ireo tongolo ary ny jirofo, avy eo dia endahina ny nofony rehefa masaka.Ny ro izay nandemena ilay hena ihany no andrahoana ny legioma izay efa voadio sy voatetika, aza adino ny sira. Rehefa masaka dia totoina miaraka ny legioma sy ny hena ary rarahana crème fraîche sy tamenak'atody. Averina aketrika mandritra ny 5mn fa tsy atao mangotraka intsony. Tsara kokoa raha aroso miaraka amin'ny fromage voakiky sy "pain grille".

## TONONKALO

IZAHO MANAIKY ANAO

*Ny sainay olombelona mikaroka 'zay mety,mitady ny haleha*
*Manetsika ny saina hanita-pahalalana, mampiasa boky be,*
*Mamoaka tondrozotra sy hevitra toa tsara, hitarika ny dia*
*F'Ianao manitsy mora ny lalan-janakao: "tsy any fa atŷ"!*

*Mifoha maraina be, nefa alim-pandry, miasa mafy koa*
*Mandany mondron-kery mikatsaka ny vola mba hiadana sy ho soa*
*Itsy asa itsy,..., ity karama ity,..., ireo no mety atao*
*F'Ianao manoro mora ny asan-janakao: "tsy izany fa izao"!*

*Ny faniriana maro: be no lavorary, maro no tontosa*
*Rah' mbola andro ny andro: mitobaka ao an-tsaina ny kasa miavosa*
*Misy ireo tsy to, miteraka alahelo, dia tonga fery vao*
*Mibitsika ao an-tsaina Ianao miteny mora hoe: "ny sitrako no atao".*

*Dia mitranga eny izay tsy noheverina nefa mahasoa*
*Tsy takatry ny saina ny laminao ry Ray, maharavo fo*
*Dia miha-mazava izao ny hevitry ny teny sy toromarikao:*
*"Tsy any fa atŷ!", "tsy izany fa izao!" , ..., k'izaho manaiky Anao.*

*RASOLONJANAHARY Riri (TF7)*
*STPL Atsimoniavoko*

## FAHASALAMANA
*"Ny famoràna"*

Efa tafiditra amin'ny vanim-potoanan'ny ririnina tanteraka isika amin'izao fotoana izao. Fotoana izay mahazatra ny Malagasy hanatanterahana ny famoràna ireo zazalahy kely. Manome fanazavàna ho anao mpamaky ny Dokotera RASOLOFOMAMONJY Andriatsarafeno, Talen'ny Tobim-pitsaboana Loterana eny Ambohibao.

***Ny niandohan'ny famoràna:***

Araka ny hita ao anaty Baiboly dia tamin'ny andron'i Abrahama no nanendren'Andriamanitra ny fora ho famantarana ny fanekena nataony taminy. Hatreo dia noforàna avokoa ny zazalahy teraka havaloana. Ny tatsinanana no tena manao ny didim-poitra fa ry zareo tandrefana kosa tsy dia manao azy io. Ho antsika eto Madagasikara, matetika dia mandritry ny ririnina no tena fanaovana didim-poitra satria malaky maina kokoa ny fery rehefa mangatsiaka.

Araka ny fanazavana nomen'ny Dokotera RASOLOFOMAMONJY Andriatsarafeno dia azo atao amin'ny fotoana rehetra ny famoràna ary manana safidy roa ny ray aman-dreny hitondra ny zaza hodidiana, na atao "anesthésie locale" na "anesthésie générale", ary samy tsy misy mandeha rà avokoa ireo nohon'ny fampiasana ireo fitaovana fampijanonana rà na ny "électrocoagulation". Tsara marihana fa fotoana vitsy monja ny fandidiana satria dia eo amin'ny 15mn eo dia vita. Voakaly kokoa ny famoràna amin'ny "anesthésie générale" satria tsy afaka mipelika ilay zaza.

***Inona no tena ilàna ny famoràna ?***

Tsara ny hanatanterahana azy mialohan'ny hidiran'ny zaza any an-tsekoly satria misy fiantraikany eo amin'ny sainy ny fahitany ny filahiany tsy mitovy endrika amin'ireo namany voafora. Mora manao "infection" ihany koa ny filahiana tsy voafora satria mitàna loto izy io rehefa avy mivalan-drano ny lehilahy. Mba tsy hamerenana ny fandidiana dia azo atao miaraka ny fanesorana ny "hernie" sy ny famoràna ny zaza.

***Ny fitandremana tsy maintsy atao:***

Mba hampirindra tsara ny famoràna dia tsy tokony omena zavatra mamy be loatra ny zaza herinandro mialoha sy aorian'ny fandidiana. Diovina mialoha sy sintonina tsikelikely koa ny lohan'ny filahian'ilay zaza, io ilay lazain'ny ntaolo hoe "Alàna sarona". Aza adino ny manambara hatrany amin'ireo mpitsabo raha misy soritr'aretina ny zaza toy ny diabeta ohatra. Ampahafantaro ny zaza fa hatao didim-poitra izy mba tsy ho tampoka aminy izany ka hampisy tahotra be.

Tandremo fa ny fitaovana tsy voadio dia mitera-doza. Azo atao tsara ny manadio ny ferin'ny zaza na dia ny ampitson'ny fandidiana aza mba hampalefaka sy hanamora ny fahasitranan'ny fery.

Mety kokoa raha entina milona ranomasina ny zaza.

***Fanamarihana :***

Marihana fa vitsy kokoa ny tahan'ireo olona voafora mety hitondra ny tsimok'aretina SIDA ka izany indrindra no mampisy ireo vahiny efa lehibe manantona ny hopitaly mba hoforaina.

Ny TPLA sy ny FLM 67Ha dia mikarakara ny fanaovana didim-poitra ireo ankizy AMTD ary misy isan-taona izany.

***Fampatsiahivana:*** Hampatsiahivina isika fa efa manana fitaovana fanaovana "Echographie, prothèse dentaire sns.ny eto amin'ny Dispensaire FLM 67Ha

## NY KILALAONTSIKA : *Diso fito N° 004*

